REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

Ministère du Tourisme,
des Transports
et de la Météorologie

Direction Générale
de la Sécurité Routière
(DGSR)

Agence des Transports Terrestres
(ATT)

Comité des Entreprises
d'Assurances à Madagascar
(CEAM)

Fampiharana ny « Note Circulaire » n°102/MTTM/SG/DGTT/DTR/SSR, izay nivoaka ny 16 Oktobra 2015 izay milaza momba ny tsy fahazoan'ireo fiara « conduite à droite » mivezivezy intsony eto Madagasikara

---

Ho famerenana amin'ny laoniny ny sehatry ny asa fitaterana an-dalam-be, izay mametraka ho ambony indrindra ny fiarovana sy ny fiantohana ny ain'ny mpampiasa lalana rehetra dia misy ireo fepetra samihafa izay noraisin'ny Fanjakana Malagasy, ka anisan'izany ny tsy fahazoan'ireo fiara "conduite à droite" mivezivezy intsony eto Madagasikara.

Ny Sabotsy 31 Oktobra 2015, no daty farany mampana-kery ny taratasy fanamarinana fitsarana fiara "visite technique" sy ny taratasy fiantohana "contrats d'assurances" ho an'ireo fiara "conduite à droite" rehetra eto Madagasikara. Noho izany, manomboka ny Alahady 01 Novambra 2015 dia tsy misy intsony fiara « conduite à droite » mahazo mivezivezy manerana an'ny Madagasikara na iza na iza tompon'ny fiara.

Noho ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana "Code de la Route" eto amintsika, izay mametraka fa "circulation à droite" sy "conduite à gauche" no hampiasaina eto Madagasikara, dia miteraka olana eo amin'ny lafiny fifamoivoizana an-dalam-be ny mbola famelana ireto fiara ireto hiveizivezy satria tsy ampy ny fahitan'ny mpamily ary ahiana hiteraka lozam-pifamoivoizana mandrakariva izany.

Araka izany, ireo tompona fiara « conduite à droite » rehetra dia tsy maintsy mamadika avy hatrany ny fiarany ho « conduite à gauche ». Araka ny fangatahana izay nataon'ny "Collectif des Propriétaires de Véhicules à Conduite à Droite", ny fanadihadiana izay nataon'ny avy ao amin'ny « Groupement des Ingénieurs du Secteur Transports » (GIST) dia efa nilaza fa azo atao tsara ny mamadika ny fiara « conduite à droite » ho « conduite à gauche ». Azo antoka izany famadihana izany raha toa ka :

- Olona manana fahaizana manokana momba izany no hasaina manao azy,
- Misy ireo piesy sy kojakoja samihafa izay ilaina ary manaraka ny kalitao izay ilaina,
- Voahaja avokoa ireo fenitra samihafa izay takiana amin'ny famadihana (tsy manao "bricolage").

Efa nomena fe-potoana lavabe ireo tompona fiara “conduite à droite” mba hampifanaraka ny fiarany amin’ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana eto Madagasikara, satria efa tany amin’ny taona 2008 no nanomboka ny antso izay natao tamin’izy ireo.

Tamin’ny taona 2012, dia mbola nisy ihany koa ny fampahatsiahivana izay nataon’ny Ministera fa tsy azo atao intsony ny fanafarana ireo fiara “conduite à droite”, ankoatra izany dia mbola fahazoan-dalana manokana ireo tompona fiara izay efa tafiditra tao anaty sambo ny fiarany,

Ho an’ity taona 2015 ity, dia efa nanomboka tany amin’ny volana Febroary ny asa fanentanana ireo tompona fiara, ary efa nampiomanina dimy (5) volana mialoha izy ireo, ary mbola nekena ihany koa aza ny fe-potoana fangatahana fanalavam-potoana telo (3) volana izay nangatahin’izy ireo

Araka ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana sy ity « Note Circulaire » n°102/MTTM/SG/DGTT/DTR/SSR, nivoaka ny 16 Oktobra 2015 ity dia raisina ho fandikan-dalàna ny mbola fampiasana ireo fiara “conduite à droite” eny an-dalàna manomboka ny Alahady 01 Novambra 2015, ary miteraka fampidirina “fourrière” avy hatrany ny fiara sy fisintonana ny “Permis de Conduire”ny mpamily.